Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Fotoana sarotra ho an'i Jesoa

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Sarah S.

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2013 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Rehefa natao batisa i Jesoa, dia niteny Andriamanitra nanao hoe: "Ity no Zanako malalako, Izay sitrako."

Ary ny
FANAHY
MASIN'
Andriamanitra
nidina
teo amin'ny
Jesoa toy ny
voromailala.

Fotoana vitsy tao
aorian'izay, dia nentiny
Fanahy ...

... Masin'Andriamanitra
tany an'efitra i Jesoa.
Ka nitoka-monina
tany.

Nifady hanina efa-polo andro Jesoa. Izany hoe tsy nisakafo izy nandritra ny efa-polo andro.

Koa nony afaka izany,
dia noana mafy izy.

Ny Baiboly milaza fa nisy bibidia maro be koa tao amin'io toerana io.

Ary Satana tonga haka fanahy an'i Jesoa. Fahiny ela be, izy dia efa naka fanahy ...

... an'i Adama sy i Eva koa ka nahatonga azy ireo tsy nanaraka ny tenin'Andriamanitra.

Tamin'ity indray mandeha ity dia i Jesoa indray no handramany hotsapaina.

Satana dia afaka nanandrana naka fanahy an'i Jesoa, zanak'Andriamanitra.

"Raha
Zanak'Andriamanitra
tokoa Hianao", hoy
Satana, "teneno ho
tonga mofo ireto vato
ireto."

Satria fantany fa
noana i Jesoa.

Ary fantany koa fa ny zanak'Andriamanitra dia mahay manova ny vato ho mofo. Hanaraka ny tenin'i devoly ve i Jesoa?

Tsia! Tsy nankato ny devoly i Jesoa.
Vao maika aza Izy namaly tamin'Ilay
Tenin'Andriamanitra
manao hoe:

"Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona."

Rehefa afaka izany, dia nentin'i Satana tany amin'ny tanànan'i Jerosalema i Jesoa, ...

... tao amin'ny Tempoly
Masina izay hivavahan'ny olona
amin'Andriamanitra.

Inona indray ary no hataon'ny devoly eto?

"Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any" hoy Satana; "fa voasoratra hoe: Izy handidy ny anjeliny hanavotra anao."

"Tsia" hoy Jesoa namaly.

"Fa voasoratra ihany koa hoe ... Aza maka fanahy an'i Jehovah Andriamanitrao'."

Ary ny devoly nitondra
Azy indray, ka nentiny tany
ivelan'ny tanàna i Jesoa, teny
ambony tendrombohitra
avo dia avo iray.

Rehefa avy nasehon'i
Satana an'i Jesoa ny
fanjakana rehetra
eran-tany, mbamin'ny
voninahiny, dia
hoy izy:

"Izao rehetra izao
dia homeko Anao,
raha miankohoka
eto anatrehako
Hianao."

"Mandehana ianao, ry Satana!"
hoy Jesoa tezitra.

"fa voasoratra hoe: Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao."

Dia nandao an'i Jesoa ny devoly. Nisy zavatra mahafinaritra be niseho nony avy eo.



Ary Andriamanitra nandefa Anjely hampahery sy hikarakara an'i Jesoa zanany – izay tsy nankàto sy tsy nihaino ny devoly.

Fotoana sarotra ho an'i Jesoa

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 4, Lioka 4

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala
amin'ny fahotanao ianao, dia izao
no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy
Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy
Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako,
ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-
baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny
Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona
ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha
amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16